VOLY RAKOTRA

## Faritra mando eto Madagasikara

# Fambolena kazaha mifandimby amin'ny ala vadim-boly anaty Basket Compost



- Hanatsarana ny fanjarian-tsakafo
- Hanatsarana ny fambolena zanakazo
- Hampitombo ny fidiram-bola ho an'ny mpamokatra

# Ny antony hampifandimbiasana ny voly kazaha sy ala vadim-boly anaty Basket Compost

## Fomba mahazatra




## Olana




## Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo

- **Mamokatra kazaha, avo roa na telo heny**
- **Mamokatra amin'ny faritra kely , mampihena ny asa fiavana**
- **Manomana ny tany hambolena zanakazo**
- Manafaingana ny fitombon'ny zanakazo
- Azo ampiharina amin'ny karazan-tany rehetra, na dia amin'ny tany ratsy aza

**Taona voalohany**



Kazaha anaty Basket Compost

**Taona faharoa**




Zanakazo sy voly fihinana anaty Basket Compost nisy kazaha

# Fanomanana ny lavaka Basket Compost

**Tanjona :** Fanatsarana ny sakafo ho an'ny voly

## Fanamboarana ny lavaka




Halaliny : 40 sm

Vavany : 60 sm x 60 sm

Elanelan'ny lavaka roa : fara fahakeliny 80 sm (miala amin'ny sisin-davaka)


## Fisafidianana sy fanangonana ireo akora




Azo atao akora daholo ny zavamaniry afatsy ireo masiaka toy ny kesika sy kininina


Tsara raha legiominezy no manana taha betsaka

## Famenoana ny lavaka



Hafatratra tsara sy atao mifandimby ny fametrahana ireo akora

## Fanotofana ny lavaka



Totofana tany manify, atao mivohitra, mba tsy hiangonan'ny rano

## Fandrindrana ny asa

Miankina amin'ny habetsahan'ny akora ny isan'ny lavaka atao

Fotoana fanamboarana, famenoana sy fanotofana ny lavaka : volana jona - jolay

Farafahatarany roa volana mialoha ny fambolena kazaha ny fanomanana ny asa

## Toerana

Anaty tanimboly ho lasa tanin-janakazo

Na amin'ny sisin-tanimboly ho lasa fefy velona



# Fomba fambolena kazaha sy ala vadim-boly mifandimby anaty Basket Compost

## Taona 1 : Fambolena kazaha

**Tanjona :** Mampitombo ny vokatra kazaha



Volena ny kazaha ny volana aogositra - septambra


Taho iray isan-davaka Basket Compost

Havaina ny kazaha raha misy akata manelingelina

Mandritra ny fitomboany, tsy hanesorana be loatra ny raviny fa misy fiantraikany amin'ny vokatra

## Taona 2 : Fambolena zanakazo sy voly fihinana

**Tanjona :** Mamboly zanakazo maharitra nefa azo asiana voly fihinana mandritra ny fotoam-pitombon'ny zanakazo



Volena miaraka ny zanakazo sy ny voly fihinana ny volana desambra - janoary

Atao anaty lavaka Basket Compost iray ny zanakazo sy ny voly fihinana

**Karazana zanakazo sy elanelany**

- Kafe, papay, voasary, akondro…: 5 m x 5 m
- Hazo lehibe toy ny litchi…: 10 m x 10 m

**Karazana voly fihinana :**
Voanemba, voatavo, courgette, sns

Ny famerenana voly kazaha eo amin'ny tanimboly ny taona faharoa dia :

- mitaky fitondrana zezika amin'ny lavaka Basket Compost teo aloha
- na manao lavaka vaovao anelanelan'ny lavaka Basket Compost teo aloha